TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY DINGANA FAHA: 3-4

Firenena: Madagasikara

Koaminina: AMBONIVOHITRA AMBOVOMBE ANDROY

Daty: 24-25-26-27 Septambre 2014

Toerana: SALLE DE REUNION CITE AMBOVOMBE ANDROY

IREO MPIZAIKA NANDRITRA NY FIOFANANA

FIZAHAN-TAKILA

FANOLORANA 3

FIZOTRY NY ATRIKASA 4

FANOKAFANA NY ATRIKASA 4

MAHAKASIKA NY "IVO TOERANA MENDRIKA AMIN'NY FAMIVOHIZANA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA" 4

LAHADINIKA 1: NY HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA 5

LAHADINIKA 2: NY FIFANARAHAN'NY FARITRA ATSIMON'I AFRIKA MOMBA NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA 6

LAHADINIKA 3: NY MIRALENTA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA 7

LAHADINIKA 4: HEVITRA SY TETIKA HAHATONGAVANA AMIN'NY MIRALENTA 8

LAHADINIKA 5: FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA IFOTONY 9

LAHADINIKA 6: FAMPANDROSOANA MAHARITRA: FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO 10

LAHADINIKA 7: MIRALENTA SY NY ADY ATAO AMIN'NY HERISETRA (VIOLENCE BASEE SUR LE GENRE) 11

LAHADINIKA 8: FANDRAVONANA DISADISA 12

VOKATRA AZO 14

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVON-TOERANA MENDRIKA 16

TOVANA B :FANAMARINAM-PAHATONGAVANA 18

TOVANA D: TOMBANA 21

FANOLORANA

Natao tao Ambovombe Alarobia 24 ka hatramin'ny Sabotsy 27 septambre 2014 ny atrikasa fiofanana dingana fahatelo sy fahaefatra izay mahakasika fandaharana toy ny fototra iompanan'ny miralenta, ny miralenta sy ny fitondram-panjakana, ny miralenta sy ny fampandrosoana ara-toekarena ifotony, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana ady sy disadisa ary ny VIH /SIDA. Ireo fandaharam-piofanana ireo dia ahafahan'ny kaominina hamolavola drafitrasa ho fametrahana ny miralenta ifotony sy ny fampandrosoana. Izany atrik'asa izany dia natao hanohizana ny dingana efa vita teo aloha ary handraisan'ny kaominina sy ireo hery velona rehetra eo an-tanàna andraikitra amin'ny fampiroboroboana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra.

Ireo mpandray anjara dia nahitana ny solontena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpanolo-tsaina, ny solontena avy eny anivon'ny fokontany, tompon'andraikitry ny fahasalamana, tompon'andraikitry ny ala sy ny tontolo iainana, ny fiaraha-miombom-pirenena (OSC), ny fampianarana ary polisy sy gendarme (Tovana B)

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanokafana ny atrikasa

Natrehan' ny Vice Président de la Délégation Spéciale (PDS) sy ny mpanolon-tsainan'ny kaominina ny fanokafana ny atrik'asa. Ny 1er vice PDS, teo amin'ny lahateny nataony dia niteny sy niarahaba ny olona rehetra, nisaotra ny mpikarakara ary nametraka fa ny kaominina no mifandray amin'ny mponina akaiky indrindra ankoatry ny Fokontany. Raha ny fifandraisan'ny atrikasa amin'ny zava-misy ao amin'ny kaominina dia nanamarika izy fa efa misy ireo vehivavy mandray anjara ao anatin'ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny kaominina. Nankasitraka ny fiaraha-miasa eo amin'ny Gender Links izy satria mbola ho famporisihina ary ho fanohanana ny fivohizana ny miralenta sy ny ady amin'y herisetra eo anivon'ny kaominina izany. Ary dia niroso tamin'ny fanokafana ofisialy ny vice PDS.

Taorian'ny lahaten'ny 1er vice PDS dia nandray fitenenana ny mpampiofana Rakoto Andriamihamina Simone Claire, rehefa avy niarahaba sy nirary soa ny mpiofana dia nanome fanazavana ny anton'ny atrikasa fa raha nanao izao fiofanana tamin'ny dingana 3-4 izao dia hanantateraka ny dingana manaraka, nanomezana ny tanjona ny fiofanana, ny fanazavana ny maha- kaominina ivon-toerana mendrika (centre d'excellence).

Ny fanolorana ny fandaharam-potoana, ny fifankafahatarana teo amin'ny mpandray anjara no namaranana ny fanokafana ny atrikasa.

Mahakasika ny "Ivo toerana mendrika amin'ny famivohizana ny miralenta sy ny fampandrosoana"

Natomboka tamin'ny fanazavana ny mahakasika ny "ivo toerana mendrika mivohy ny miralenta sy ny fampandrosoana" na "Centre d'excellence" ny fiofanana. Notsipihana tamin'izany ny fanasongadinana ny dingana sivy ka hatramin'ny hahatongavana amin'ny fihaonana an-tampony.

Manana andraikitra lehibe eo fanatanterahana ny drafitrasa ny kaominina ary resy lahatra ny teo anivon'ny kaominina sy ny mpizaika fa ny anisan'ny fanoitra lehibe ho amin'ny fampandrosoana izany.

LAHADINIKA 1: NY HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA

Tanjona :

Amin'ity lohahevitra ity, ny mpizaika dia hahay

- Manavaka ny atao hoe : SEXE SY GENRE
- Hamaritra sy hahafantatra ny hevitra raiki-tapisaka
- Hahafantatra ireo hevitra novolavolain'ny firaha-monina ka nahatonga ny fanilihana ny vehivavy

Ny ady hevitra sy ny fampiasana natao dia nahazoan'ny mpizaika tsara ny tiana hahatongavana sy ny tsoa-kevitra manaraka ireto, izay niombonan-kevitry ny rehetra ny mampitombona azy tanteraka dia ny :

1. Ny toetra voajanahary na ny Sexe dia ireo toetra sy anjara asa izay avy amin'ny Mpamorona ka tsy azo ovaina, na koa hoe toetra raikitra ireo, ohatra: ny vehivavy irery ihany no bevohoka, miteraka, mampinono, misy fadim-bolana; ary ny lehilahy irery no mampaniry volom-bava, misy filahiana, ary vaky feo.

2. Ireo fiheverana novolavolaina na noforonin'ny fiaraha-monina na ny Genre ny amin'ny mety ho toetra na anjara asa hanavahana ny lahy amin'ny vavy dia azo ovaina tanteraka. Izay no mahafaritra tsara ny atao hoe Miralenta, dia ny fahafahan'ny vavy sy lahy samy manana toetra sy misahana andraikitra mitovy.

3. Tsy miady hanova ny voajanahary velively ny Miralenta, fa miady handrodana ireo fiheverana novolavolain'ny fiaraha-monina ny amin'ny toetra aman-asa voatokana ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy kanefa mampisy fiantraikany ratsy eo amin'ny isam-batan'olona na ny fampandrosoana amin'ny ankapobeny.

4. Ireo izay nandà fatratra teo aloha fa misy ny toetra sy asa amandraharaha manokana ho an'ny vavy na ho an'ny lahy, taorian'ny adihevitra, dia nanaiky ny fahamarinan'izay voalaza. Notsoahina tamin'izany ary fa ny fanombohana ny Miralenta dia ny fanekena hanova ny foto-pisainana izay mitaky asa lehibe.

Ny fanadihadiana taorian'izany dia nidirana tamin'ny fiheverana raiki-tapisaka ka toarian'ny asa tarika , ny ady hevitra dia

- Ny fiheverana raiki-tapisaka momba ny fisian'ny anjara asa aman'adidy natokana ho an'ny lahy sy natao ho an'ny vavy dia fiheverana napetrakin'ny fiaraha-monina amin'ny fiainana rehetra andavan'andro sy ny kolotsaina misy ka zary niainan'ny taranaka mifandimby ary lasa tarazo.

- Indraindray aza dia heverin'ny fiaraha-monina ho toy ny voajanahary ireo toetra sy asa aman'andraikitra napetraky ny fiaraha-monina fa natokana ho an'ny lehilahy na natokana ho an'ny vehivavy
- Azo ovaina tanteraka ireo raiki-tapisaka napetraky ny fiaraha-monina, indrindra ireo misy fiantraikany ratsy eo amin'ny isam-batan'olona, fianakaviana ary ny fiaraha-monina. Izay rahateo no "tokontany be" hilalaovan'ny Miralenta.

Niroso tamin'ny fampahafantarana ireo fepetra sy ny fifanarahana eran-tany mahakasika ny miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa

LAHADINIKA 2: NY FIFANARAHAN'NY FARITRA ATSIMON'I AFRIKA MOMBA NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA

Tanjona : Fampahafantarana ny mpandray anjara ny votoatin'ny Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I Afrika (F.A.A.)

Tanjon'ny lohahevitra:

- Fampahalalana ireo fitaovana hivoizana ny miralenta isam-paritra sy amin'ny firenen-tsamihafa
- Famohazana ny sain'ny mponina (mpizaika) fa natao ho an'ny fiainan'ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena ireo fitaovana ireo (fifanarahana)

Ny fanadihandiana sy ny ady hevitra dia nahafahana naeho tamin'ny mpiofana ireto karazana fifianarahana iraisam-pirenana ireto

1- Karazana fifanarahana nanaovan'I Madagasikara Sonia sy nekeny

Eo amin'ny iraisam-pirenena:

- Conference de Bejing na Beijing 1995
- DUDH: Déclaration Universelle de Droit Humain
- OMD : Objectif du Millenium pour le Développement
- CEDAW (teny anglisy)/ FIFEV: Fifanarahana iraisam-pirenena ho Fanafoanana ireo Endrim-panavakavahana mianjady amin'ny Vehivavy

Rejionaly na Faritra:

- Protocole SADC : Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I Afrika mahakasika ny miralenta sy fampandrosoana

Nasionaly: MAGAGASIKARA

- Lalam-panorenana
- PNPF : Politique Nationale de la Protection Féminine
- PANAGED: Plan d'Action National pour le Genre et Développement

Famintinana :

Ny FAA izay halavaina hoe « Fifanarahan'ny faritra Antsimo ao Afrika » (SADC) dia ireo fikambanan'ny Firenena niady ny hisian'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana eo anivon'ny Firenena. Anisan'ny zavatra niadiana ny hanaovan'ireo Firenena sonia ilay FAA na ny Protocole de la SADC izay ahitana tanjona maromaro.

Koa satria i Madagasikara efa nanao sonia io Fifanarahana io, dia nohazavaina fa anisan'ny hirotsaka sy hiaina izany miralenta sy ny fampandrosoana izany ihany koa ny Kaominina Tsimananada. Ary dia efa nazavazava sahady ho an'ny mpizaika ny zavatra andrasana aminy ny mahakasika ny famolavolana ny drafitrasa mirona amin'ny miralenta sy ny fampandrosoana

LAHADINIKA 3: NY MIRALENTA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA

Ity lahadinika ity dia entina hampahafantarana ny mpiofana fa ny fampandrosoana dia tsy misaraka amin'ny fampandraisana anjara ny rehetra, anisan'izany ny vehivavy

Tanjona:

- Ny fifandraisan'ny miralenta sy ny fitondram-panjakana dia tsy hoe fanomezana toerana ny vehivavy eo amin'ny sehatra Politika na fandraisany anjara amin'ny fanapahan-kevitra ihany fa tena mihoatra lavitra noho izany.
- Atao izay fomba rehetra ahafahana manome lanja ny hevitra atolotrin'ny vehivavy

Taorian'ny fanazavana ny tamberin'ny fandraisana anjara nataon'ny Thenjiwe **Mtintso** ary narahina asa tarika isaky ny dingana dia nahafahana nanao izao famintinana manaraka izao: Maro ny sakana izay tsy ahafahan'ny vehivavy miditra sy mandray anjara eo amin'ny sehatry ny fanampahan-kevitra ka tsy ahafahany mitondra fampandrosoana

Ny fanentanana, ny famafafisana ny traikefa , ny fahaizana mampiasa fahefana ary indrindra fa ny fampandraisana anjara ny vehivavy no antoka hitondran-izy ireo ny fampandrsoana

LAHADINIKA 4: HEVITRA SY TETIKA HAHATONGAVANA AMIN'NY MIRALENTA

Tanjona:

- Fampahafantarana ny antony mahatonga ny Miralenta ho tsy azo sarahina amin'ny fampandrosoana;
- Fanasongadinana ny mahasamihafa ny filana fototra andavanandro sy ny filana maharitra mila paik'ady izay anisan'ny voizin'ny miralenta mba tsy hisian'ny elanelana be eo amin'ny isan-tokantrano
- Fijerena akaiky ireo hevitra fototra hoenti-miroso amin'ny fanatanterahana ny Miralenta sy ny fampidirana ireo foto-kevitra ireo any amin'ny drafitrasa fampandrosoana.

Asa natao:

Nasaina nijery ny fampiasana ao tabilao fotsy ny mpiofana, dia nentanina hamaly ny fanontaniana. Isaky ny valim-panontaniana iray amin'ireo fanontaniana roa voalohany dia nosokafana foana ny ady hevitra. Voamarika ary niraisan'ny rehetra avy eo ny valiny amin'ireo fanontaniana:

1. "Manome vola azy hividianany entana". Mamaly avy hatrany ny filàn'ilay olona izany, ary mahavonjy azy eo no ho eo. Azo atao raha tsy manana ianao ny "miangavy an'ireo namanao hanampy azy".

2. "Manome fiofanana azy ahafahany manangana orinasa madinika". Vahaolana iray maharitra, mitaky fotoana kanefa mety hanala ny fahasahiranany nohon'ny fananany asa maharitra fa tsy antselika intsony. Rehefa izay dia "manoro hevitra azy ny amin'izay toerana mety hahazoany mindam-bola".

Nisokatra avy eo indray ny ady hevitra momba ny famaritana ny atao hoe "filana fototra andavan'andro" syny "filana maharitra mila paik'ady". Nomarihana ny hevitra nivoaka avy amin'ny mpiofana :

<u>Filàna fototra andavan'andro:</u>

- Eo no ho eo sady mora atrehina amin'ny ankapobeny
- Fanomezana zavatra mivaingana sy azo tsapain'ny Tanana
- Mora lany ihany koa sy mora levona ary dia hitady indray avy eo

Filàna maharitra mila paik'ady

- Lavitra ezaka
- Mila ny ezakin'ny tsirairay
- Azo tohizana mandritra ny androm-piainana
- Afaka ifampizarana vondrona maromaro na olona maromaro
- Misy fiatraikany any amin'ny saina

Rehefa natao ny ady hevitra sy ny fanadihadiana ny zava-misy eo anivon'ny kaominina amin'ny ankapobeny dia hita fa ny filàna fototra andavan'andro ihany no niadiany sy niainany hampidirina eo amin'ny fiaraha-monina sy eo amin'ny tokatrano fa mbola tsy dia hita taratra ao ny filàna maharitra mila paik'ady. Izy roa ireo anefa dia mila ampiarahina hatrany eo amin'ny famolavalana ny Tetikasam-piaraha-monina.

Tatitra sy antontan'isa manavaka ny vehivavy sy ny lehilahy

Ity lahadinika ity dia nentina hampahafantarana ny mpizaika fa tsy mitovy ny fomba fijerin'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fandraisana ny mahakasika ny famalian'ny kaominina ny filàna fotora andavanandro sy ny filàna maharitra mila paikady.

Ny taham-pandraisan'ny vehivavy dia manasongadina fa tsy misy fiantraikany eo amin'ny fiananan'ny vehivavy ny tsy fandraisany anjara eo amin'ny fananganana ny foto-drafitrasa, ny fakana ny heviny rehefa misy ny fizorana amin'ny fampandrosoana dia ilaina.

LAHADINIKA 5: FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA IFOTONY

Tanjon'ny lohahevitra

- Fampahafantarana ny mpizaika ny mikasika loharanom-pamokarana sy ny asa ao amin'ny fifanarahan'ny SADC momba ny miralenta
- Fametrahana ny andraikitry ny kaominina manoloana ny fampandrosoana ny toe-karena ifotony.

Votoatiny:

1-Fanontaniana arahim-baliny: AIZA NO KITRO IFAHARAN'NY FAMPANDROSOANA?

Ny antony nametrahana ity fanontaniana ity dia ny ahafahan'ny mpizaika mahafantatra fa ny kaominina no kitro ifaharan'ny fampandrosoana, ka nisarihana ny fijerin'ny mpizaika fa tompon-andrikitra lehibe eo amin'ny fampandraisana anjara ny lahy sy ny vavy ny kaominina eo amin'ny izany fampandrosoana izany .

Taorian'ny fanazavana dia nanome ny famintinana mikasika ny atao hoe: fampandrosoana ara-ekonomika ifotony.

Raha voafaritra ny fampandrosoana ara-ekonomika ifotony dia tsara ny nampahafantatra fa ny fampandrosoana ara-ekonomika ifotony dia:

- Fanomezana lanja ny ireo loharanon-karena eo an-toerana
- Fahafantarana ny filana ka ilaina valiny haingana
- Famadihana izany ho tetik'asa mba hivadika asa ka handraisan'ny rahetra anjara
- Misy fiantrikany amin'ny fianan'ny vavy sy ny lahy
- Ny mpiara-miombon'antoka ao antoerana no mandray anjara amin'ny fampandrosoana ifotony
- Fanomezana lanja ny hevitra, ny fahaiza-manao avy eo an-toerana.

Mba ho tafiditra tsara eo amin'ny fahafantarana sy ho fampiharana ny mpizaika dia niroso tamin'ny asa tarika ka nozaraina ho tarika roa mba hamoaka ny hevitra avy amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona avy no sakana amin'ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny fampandrosoana ny toe-karena ifotony
- Inona no azon'ny kaominina atao hampitomboana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo ifotony:
    - Fahafahana mandray anjara
    - Sehatry ny varotra sy sehatr'asa tsy andrafitra
    - Paika eo amin'ny lafiny varotra sy fandraharana
    - Fanarenana ny vokatry ny fanavakavahana.

Asa fikarakarana ny marary

Ity lahadinika ity dia nentina nampahafantarana ny mpizaika ny fandraisana an-tanana sy ny fisorohana ny VIH SIDA , ankoatry ny resaka VIH SIDA dia nanao fanamarihana ny mpizaika fa ny aretina mahakasika ny firaisan'ny lahy sy ny vavy dia misy

LAHADINIKA 6: FAMPANDROSOANA MAHARITRA: FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO

Tanjona

Amin'ity lohahevitra ity dia:

- Fahafantarana ny mikasika ny fiovaovan'ny toetrandro :
  - NY ANTONY
  - NT FIANTRAIKANY
  - N Y FIFEHEZANA
- NY Fifandraisan'ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro
- Ny fampandrosoana maharitra

Votoatiny :

Nodinihana tao anatin'ity ny:

Famaritana ny

- Fiovaovan' ny toetrandro
- Fampandrosoana maharitra
- Ahoana ny fiovaovan'ny toetrandro amin'ny vondrompiaraha-monina misy anao ;
- Ny Fifandraisan'ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro
- Ny paik'ady hiatrehana ny fiovaovan'ny toetrandro: fakana volon-tany (adaptation), fampihenana ny fiantraikany (attenuation).

Ny fomba nentina nampitana ny lohahevitra:

- Fanontaniana arahiana valiny;
- Asa tarika ;
- Famintinana, fandinihana ny tahirin-kevitra.

Fintina :

Tao anatin'ny fandalinana mikasika fiovaovan'ny toetr-andro dia voafehin'ny mpiofana ireo politikan'ny fiatrehana sy ny fampihenana ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro ary ansan'ny ho ampidirina ao amin'ny drafitrasa.

LAHADINIKA 7: MIRALENTA SY NY ADY ATAO amin'ny HERISETRA (Violence basée sur le genre)

Tanjona

- Fahafantaran'ny mpizaika ny mahakasika ny tontolo manodidina ny atao hoe "herisetra "

- Fifehezana ny ady atao amin'ny herisetra
- Fahazaoan'antoka fa hisongadian ao anaty drafitrasa ireo asa ho atao mahakasika ny ady atao amin'ny herisetra

Asa natao

Fanontaniana narahim-baliny ary fanadihadiana tamin'ny alalan'ny asa tarika narahina fandravonana.

Fandravonana

Ity lahadnika dia nahafahan'ny mpizaika nifanakalo hevitra mahakasika ny sehon'ny herisetra, teo no nahafantarana fa maro ny herisetra mainjady amin'ny miralenta, fa ny tsapa dia ny vehivavy no tena iharany

Taorian'ny fifanakalozana ny fanadihadiana dia nisy ny tsoan-kevitra:

Ny famaritana ny herisetra , ny endrika hisehoany, ny fiantraikany eo amin'ny firaha-monina ary indrindra ny fandaminana sy ny fandrindrana ny asa entina miady amin'ny herisetra ka tafiditra tao antin-izany

- Ny Fisorohana
- Ny fandraisna an-tanàna
- Ny fanohanana

Ary indrindra fa ny tokony ho ataon'ny kaominina manoloana ireo olona nanao ny herisetra

Samy rsey lahatra ny rehetra fa anisan'ny ho asonngadina ao antin'ny drafitrasa ary ho tanterahina eo aivon'ny kaominina ny mahakasika ny herisetra

LAHADINIKA 8: FANDRAVONANA DISADISA

Tanjona

- Fahafantaran'ny vehivavy sy ny lehilahy ny tontolo manodidina ny disadisa;
- Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fandravonana ady sy fametrahana fandriampahalemena

Votoatiny ny lahadinika :

- Fepetra mikasika ny fitondrana sy fifampitondrana notsoahina tao amin'ny fifianarahan'ny SADC momba ny miralenta sy ny fandravonana disadisa : nasongadina teo amin'ny mpizaika ny andininy 28:

- Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fandravonana ady sy fametrahana fandriampahalemena
- Fisorohana ny fanararaotana atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy sy ny fiarovana azy ireny mandritra ny ady itanam-piadiana
- Fanomezana rariny ho an'ny olona niharan'ny fanolanana.

Avy eo dia nametraka ny fanontaniana

- Inona no ifandraisan'ireo fepetra ireo amin'ny zava-misy ao amin'ny kaominina na distrika misy anao?

Nandray anjara teo amin'ny famaliana ity fanontaniana ity ny mpizaika rehetra ary nahatsapana fa tsy ampy ny vehivavy eo amin'ny kaominina indrindra fa ny mpikambana ao amin'ny filankevitra izay tompon-andraikitra voalohany amin'ny fandravonana disadisa eo amin'ny kaominina

Taorian'ny famaliana ny fanontaniana

no nahafahana ny nampitana ny:

- Famaritana ny atao hoe disadisa

Ny fanontaniana narahim-baliny no nahafahana nanao tsoan-kevitra fa ny disadisa dia:

- Tsy fifankazahoana misy eo amin'ny vondrona roa;
- Filana, tombotsoa voatohitohina ;
- Toe-javatra mety hakasika ny ny lafiny ny vatana, fihetsem-po, na fahefana, na sata no voatohitohina.

- Karazana disadisa na ady:
  - Fifandraisana vondrona roa samy hafa
  - Fifandraisana olona roa samihafa
  - Eo amin'ny tenan'ny olona iray.

- Anton'ny disadisa:
  - Tombotsoa vaotohitohina
  - Tanjona tsy ifanarahana
  - Ny fiheverana tsy mitovy amin'ny alalan'ny soatoavina, kolontsaina
  - Fampiharana ny lalàna , sy ny fitsipika misy eo amin'ny fiaraha-monina
  - Tsy fitoviana.
- Fiantraikan'ny disadisa
  - Herisetra
  - Tsy fandriam-pahalemana, tsy fiasian'ny filaminana
  - Tsy fisian'ny fampandrosoana.

- Ny dingana ho fandravonana ny disadisa

Fomba entina mampitsahatra ny ady na eo samy olona, na vondrona,

Ny tanjona dia hisian'ny famahana olana ka ny tsirairay dia hahazo tombotsoa, ho tonga amin'ny fifanarahana ka ny dingana arahina amin'izany

  - Famantarana ny toerana misy ao anaty disadisa
  - Ireo olona hisehoan'ny disadisa
  - Ny anton'ny disadisa
  - Ny famantarana ny karazana disadisa
  - Ny fisehoany , fiantraikan'ny disadisa , fahafantarana ny olona hiantraikan'ny disadisa
  - Ny toerana hitrangan'ny disadisa
  - Fihainoana ny hevitr'ireo olona hisehoan'ny disadisa
  - Mijery ny vaha-olana hamahana ny disadisa
  - Fandraiketana an-tsoratra ny vaha-olan noraisina
  - Fanaovana tomban-ezaka ny vaha-olana nampiharina
- Fandravonana ady sy miralenta
  - Mahakasika ny zo , andraikitra , fifandraisana fifanantonana , fanarenana
  - Ny singa fototra iankinan 'ny fandravonana ady :
    - Fampahafantarana , fifaneraserana, tombotsoa, tsy fitanilana , fitondrana hevitra na fomba vaovao
  - Ny faran' ny fandravonana dia ny FIFANARAHANA ho amin'ny tombotsoa iraisana
- Toetra tokony hanana amin'ny fandravonana disadisa:
  - Fahaizana mihaino
  - Tsy mitanila
  - Fanajana ny zo sy ny hevitry ny hafa
  - Fandraisana fanampaha-kevitra mazava ampahatoniana

VOKATRA AZO

- 25 mpizaika nahazo ny fifoanana ary nahazo ireo tahirin-kevitra mifanaraka amin'ny lahadiniky ny fiofanana

FANAMBY

- Ny famolavolana drafitrasa
- Ny fahavitrihanan'ny kaominina hanantanteraka hivohy ny miralenta ary hiarahany amin'ny herivelona rehetra eo an-tanàna

ASA MANARAKA

Ny famolavolana drafitrasa (dingana 5 sy 6) eo amin'ny mpanolon-tsaina sy ny fanaovana Sonia, fanatanterahana izany ka ahafahan'ny kaominina mandray anjara amin'ny fihaonana an-tampony.

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVON- TOERANA MENDRIKA

Ora	ANDRO	Iza(Tompon'and raikitra)
Andro voalohany		
08 h 30 – 09 h 00	Fisoratana anarana	Mpampiofana
09 h 30 – 9h 30	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny Tanàna Mpampiofana
9 h 30 – 10 h 00	Teny fampidirana sy fanolorana ny zava-kendrena Filazalaza amin'ny mpandray anjara momba ny vokatra andrasana Famelabelarana ny torolalana mikasika ny fandraisana anjara	Mpampiofana
10h -10h 15	**Pause café**	
Hevitra fototra iompanan' ny Miralenta; GENRE ET SEXE		
10h 15- 11 h	Hevitra fototra ihompanan'ny Miralenta	Mpampiofana
11h – 11h 30	Fahasamihafana voajanahary sy fahasamihafana novolen'ny fiarahamonina, eo amin'ny vavy sy ny lahy	Mpampiofana
11h 30- 12h	Asa isan-tarika momba ny fiheverana raikin-tampisaka Tatitra isan-tarika	Mpiofana
12h – 12h 30	Fandravonana	Mpampiofana
12h 30- 13 h	Fanontaniana sy valiny	Mpiofana
13h – 14h	**Sakafo**	
Miralenta sy ny fitondrana fanjakana ary ny fitarihana mitondra fanovana		
14 H – 14 h 15	Fahazahoana miditra	Mpampiofana
14h -15- 14 h 30	Asa isan-tarika Tatitra isan-tarika	Mpiofana
14h 30 – 14 h 45	Fandraisana anjara	Mpampiofana
14h – 45 -15 h	Asa isan-tarika Tatitra isan-tarika	Mpiofana
15h -15h 15	Fanatsarana ny fahaza-mitarika	Mpampiofana
15h 15- 15 h 30	Asa isan-tarika Tatitra isan-tarika	Mpiofana
15h 30 – 16 h	Tatitra sy adihevitra andraisan'ny rehetra anjara	Ny rehetra
	Andro faha 2	
8h 30- 9h	Famintinana ireo lahahevitra andro voalahany	Mpiofana
Miralenta sy fandravonana ady sy disadisa		
9 h – 9 h 30	Inona no atao hoe ady sy disadisa? Inona no antony mahatonga ny ady sy disadisa?	Ny rehetra
9h 30 – 10h	Inona no andraikitra raisin'ny kaominina momba ny ady sy disadisa ?	Ny rehetra
10h -10h 15	**Pause café**	

10h 15 – 12h 30	Fandravoana ady sy disadisa	Ny mpampiofana
12h 30 – 13 h	Fanontanina sy valiny	Ny rehetra
13 h – 14h	**Sakafo**	
Fotokevitra sy politika ahatongavana amin'ny Miralenta		
14 h – 15h	Filana fototra andravanandro sy filana maharitra mila paik'ady	Mpampiofana
15h – 15 h 30	Tatitra sy antontan'isa manavaka ny vehivavy sy ny lehilahy	Ny rehetra
15 h -30 – 16 h	Fanaovana tetibola hirosoana amin'ny Miralenta	Ny rehetra
	Andro faha 3	
8h 30 – 9h	Famintinana ireo lohahevitra natao andro voalohany sy faharoa	Mpiofana
Miralenta sy ny fiarian-karena		
9h -10	Ny asa tsy andraisan-karama ataon'ny vehivavy	Mpampiofana
10h -10h 15	**Pause café**	
Fampandrosoana ny toe-karena ifotony		
10h 15 – 12 h 30	Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena Ifotony Paik'ady hampandrosoana ny toe-karena ifotony	Mpampiofana
12h 30 – 13 h	Fanontaniana sy valiny	Ny rehetra
13h – 14h	**Sakafo**	
Fampandrosoana maharitra (fiovan'ny toetrandro)		
14h – 15h	Famaritana / fampahafantarana fototra Fiatraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro amin'ny miralenta	Ny mpampiofana
Herisetra GBV		
15h -15h 30	Ireo fepetra fototra momba ny Herisetra GBV ao amin'ny Fifanarahan'ny SADC Momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana	Nyt mpampiofana
15h 30 – 15h 45	Tombana	Ny mpampiofana
15h 45 – 16 h	Fanomanana ny dingana faha 3: Fitadiavana paik'ady ahazoana olona 300 Fizarana andraikitra amin'ny famenoana ny taratasy fanadihadiana sy fanampiana ireo olona tsy mahay manoratra nefa te haneo hevitra.	Ny rehetra
16 h	Famaranana amin'ny fomba ofisialy ny fiofanana	Ben'ny Tanana
	Andro faha 4	
08:30 - 9:00h	Fampahafantarana ireo andininy teo amin'ny fifanarahana SADEC	Ny rehetra
09:00 - 12:00h	Carte de score, études des attitudes, QUIZ	Ny rehetra

Tovana B :Fanamarinam-pahatongavana

Ce projet est financé par l'Union Européenne

Dingana: 4
Kaominina: AMBOVOMBE
Toerana : AMBOVOMBE
Daty: 24, 25, 26 septembre 2014

FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy/ Vavy	Toeram-piasana sy asa atao	Téléphone	E-mail
1	ANTSOAVINA André	L	Directeur du commerce	034 05 533 32	antsoavina@yahoo.fr
2	SAMBAD Jenabay Ambroisine	V	2ème Vice PDS commune urbaine Ambovombe(CUA)	033 02 215 72	
3	MAHAMARO Jean Michel	L	1er Vice PDS CUA	032 734 41 13	
4	ELLINJANAHARY Yvi Raymonde	V	Centre d'Ecoute et Conseil Juridique (CECJ) Ambovombe	033 12 596 89	yraymonde@yahoo.fr
5	ALBERT Stéphano	L	Member VMLF	033 72 700 32	
6	TODISOA Jeanne	V	Commune	033 07 802 43	
7	ANNICET Camille	L	Association « Miraindraike »	033 17 594 17	
8	NAMELA Alexandine	V	Association « rene Miray Lahatra »	033 03 360 29	
9	HAJA Hudson	L	Gendarmerie	033 20 776 64	

			compagnie/Androy		

10	RANDRIANANTENAINA Jérome	L	Gendarmerie GPT/Androy		
11	RAZAFINANTENAINA Josoa	L	Instituteur		
12	SERVAIS Marc	L	Inspecteur de Police BRPN-ANDROY	033 05 937 44	
13	FALIARISOA Gertrude Aimé	V	Commune	033 O3 259 06	Faliarisoa@yahoo.fr
14	RAHELINIRINA Gisèle	V	CITEA	033 03 887 51	
15	SANZELINE Eva Ravohangitiana	V	Commune	033 05 160 87	
16	SOANIRINA Orlette	V	CISCO	033 25 476 43	
17	TIANDRAZA Vola	V	Association « Ampela Mitraoke »	033 02 138 74	ampelmitraoke@gmail.com
18	NOMENJANAHARY Fabienne	V	Sage femme		

19	ANDRINIRIKO Michel	L	Maison des Jeunes Ambovombe	032 40 286 72	Andrin1@yahoo.fr
20	HOTOVOE Berthine	V	Service Régional de l'Environnement SRE/DREEF Androy	034 05 533 32	hotovoe@yahoo.fr
21	IMASY Jevril Razafy	V	Responsable santé scolaire DREN Androy	032 04 514 91	
22	KAZY Ernestine	V	Cadre REGION	032 81 507 39	
23	RASOANOMENJANAHARY Estelle	V	Médecin CSBII Ambovombe	033 13 250 63	

24	LAHINIRIKO Léon Ernest	L	Instituteur	033 18 688 90	
25	RAVALINERA RogerL	L	Responsable VIH/SIDA CHRR Ambovombe	033 06 304 40	
26	RAKOTO ANDRIAMIHAMINA Simone Claire	V	Formateur	033 08 722 78	kotoclaire@gmail
27	RAZAFINAMPANANY Josimar	L	Formateur	032 22 971 67	j.razafinampanahy@yahoo.fr

TOVANA D: TOMBANA

LAHY/VAVY	10 LAHY 15VAVY					
Firenena	Madagascar					
Kaominina	Toliara I					
Taona	☐12 - 17	18 -30 6	31- 40 8	41 – 50 9	51 – 60 3	60 +
Education/Formation	☐Primaire	☐Secondaire 12	Université 7	Formation professionelle 4	☐Vocation 2	

TOMBANA

	SCORES
1. Firafitry ny fandaharana ankapobeny	9.75
2. Votoatin'ny fandaharana	9.16
3. Tahirin-kevitra	9.10
4. Fampitan'ny tompon-andraikitry ny fiofanana	9.25
5. Asa tarika	8.83
6. Vokatra azo	8.58
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	7.91
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	8.5
9. Tombotsoa amin'ny fivelerana	8.75
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	8.25

FANAMARIHANA

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahaliana anao ? antony ?
   - Fandaharana mahakasika ny miralenta sy ny fitondram-panjakana
   - Ireo fenitra iraisam-pirenena
   - Ny fanazavana mahakasika ny herisetra
   - Ny fampandrosoana toekareana ifotony
   - Ny seho an-tsehatra tamin'ny fandravonana disadisa
   - Ny famolavolana ny drafitrasa
2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina ? antony
   Tsy nisY

3. Ahoana ny fomba ampiaharanao ireo fahalalana azoanao teto amin'ny fiofanana?
   Ny fidinana eny ifotony
   Ny fandresen-dahatra eny anivon'ny lehilahy

Fanamarihana hafa

- Mangataka fiofanana mahakasika femme leader
- Mila fitohizana izao atrikasa izao
- Afapo fa misaotra
- Ilaina ny fiofanan toy itony amin'ny ambaratonga maro samihafa
- Mbola lavitra ny ezaka eto Tsimananada nohon'ny raikitapisaka
- Tokony hisy foana ny formation

- Voafetra ny isan’ny mpiofana nefa maro ny te handray anjara

Fankasitrahana ny mpampiofana ary mirary ny hitohizan-izany